

# Fandalinana ara-piaraha-monina sy asa (Analyse Sociale et Action)

**BOKY MPIOFANA**

# LASI-PIOFANANA

## Fandalinana ara-piaraha-monina sy asa
## (Analyse Sociale et Action)



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana.*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.*

# I Fampidirana

## Zava-misy ankapobeny :

Maro ny ezaka atao ho amin'ny fiovam-pihetsika manodidina ny fahafahan'ny olona, ny tokantrano misitraka ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana, toy ny fanentanana, ny fanetsiketsehana, ny fifaninanana.

Kanefa tsapa fa mbola betsaka ireo mbola tsy tonga amin'ny tokony hiheverana azy. Antony iray ny tsy fiheverana fa mety misy ireo sakana ara-piaraha-monina izay tsy hita miharihary, kanefa fototry ny seho ivelany. Ka raha tsy ny antony fototra no voatomotra dia tsy ho tanteraka ny fiovam-pihetsika tiana ho tanteraka.



## Tanjona :

Tanjona ny hahafehezana ny fitondrana ny fomba fiasa fandalinana ara-piaraha-monina sy asa, ka hafahana mitondra sy mampiofana ireo ratsa-mangaika heverina fa tokony hiara-misalahy eny an-toerana, mba ahafahan'ny rehetra misitraka ny zony anaty fiaraha-monina mirindra mitsinjo ny rehetra, amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana sy fidiovana.


# 2 Tsiahy fampidirana ny miralenta

## Miralenta :

Miralenta (genre) dia fomba fiasa mifandraika amin'ny :

Fahasamihafana misy eo amin'ny Vehivavy sy ny Lehilahy ary ny fifandraisany izay novolen'ny fiaraha-monina.

Fifandraisana ara-piaraha-monina amin'ny Lehilahy sy ny Vehivavy, indrindra eo amin ny fahefana.



Miralenta tsy Vehivavy


**Izy dia FOMBA FIASA MIVOATRA sy METY MIOVA.**

**MIRALENTA ≠ MAHALAHY NA MAHAVAVY**

**NY MAHA-LAHY SY MAHA-VAVY dia tsy MIRALENTA**
**MIRALENTA dia tsy VEHIVAVY**

## Sahaza :


Hitsinjovana ny rindran-damim-piaraha-monina hijerena ny fahasamihafana misy.



=

EQUITE (Sahaza) MOYEN

EGALITE (Mitovy) RESULTAT







**TSY MISY AILIKA NA IRAY AZA**

## Fitsinjovana ny rehetra (inclusion sociale) :

Miady amin'ny fanavakavahana amin'ny endriny rehetra, vokatry ny fahantrana, ara-pihaviana, fanilikilihana, ara-pahasembanana, ny lehibe, ny tanora, ny zaza.


Miralenta ? Fitsinjovana ny rehetra ?
Fifandraisana
eo amin ny Sokajy Samihafa:
Lahy/Vavy , ny lehibe/kely,
ny matanjaka/ny marefo, ...
Zo fototra
Fifandraisam-
pahefana
Filàna manokana
Fahasamihafana
Antontan'isa
voatsinjara
Sahaza

# Drafitry ny fizakantena



# 3 Fitsinjovana ny rehetra

## Aza misy na iray aza atao anjorombala

**SEMBANA ARA-PAHITANA**
Olona pahina na tena tsy mahita

**SEMBANA ARA-PIHAINOANA**
Olona lalodalovana na tsy mahare

**SEMBANA ARA-TSAINA**
Fikorontana na ara-tsaina na ara-pihetseham-po

**TSY FAHAMPIANA ARA-PAHIRATAN-TSAINA**
Tsy fahalavorariana eo amin'ny fahaizana ara-tsaina




**SEMBANA ARA-BATANA**
Fahavoazana ampahany na tanteraka eo amin'ny fihestika

**ARETINA MANAKANA**
Aretina amin'ny fisefoana, fandevonan-kanina na areti-mifindra

# Mari-pandrefesana ny fampidirana ny fomba fiasa miralenta

1. Tsy miraharaha ny lafiny ara-pifandraisan'ny sokajy anaty fiaraha-monina
2. Manamafy ny elanelana misy eo amin'ny sokajim-piaraha-monina
3. Mampifandray ny filàna samihafa, ka mampifandray izany amin'ny asa atao
4. Mametra-panontaniana mikasika ireo fenitra ara-piaraha-monina iainana
5. Manova ny fenitra ara-piaraha-monina manitsaka ny zo fototry ny hafa

# 4 Fandalinana ara- piaraha-monina sy asa (ASA)

## Inona ny Fandalinana ara-piaraha-monina sy asa ?

Fomba fiasa iray hanovana ny fenitra ara-piaraha-monina mety manimba ny hafa. Mikendry fivoarana miandalana eo amin'ny fiaraha-monina. Ny fiaraha-monina ihany no mandalina, manadihady sy mametra-panotaniana mikasika ny fenitra ara-piaraha-monina iainany, ary mitady ny vahaolana mety aminy hamahana izany, mba tsy ho sakana amin'ny fiaraha-misandratry ny mpiray monina.

Ny tanjony dia hanamafy ireo fiaraha-monina marefo amin'ny alalan'ny fampivoarana ny fenitra ara-piaraha-monina sahaza sy mampivoatra miaraka ny rehetra, mba ho fiaraha-monina mahefa.



# Inona no mampiavaka ny Fandalinana ara-piaraha-monina sy asa ?



- Mifototra amin'ny fandalinana sy fifanakalozan-kevitra.
- Fifanakalozana mitohy, mandalina ny fenitra ara-piaraha-monina iainana, izay mety ho sarotra sy manahirana.
- Miainga avy amin'ny tena.
- Manamafy ny fahatokisan-tena sy fahaiza-manamora ny famoahan-kevitra.
- Mampirotsaka sy mampandray anjara ireo mpiara-miombon'antoka eny an-tanàna izay mitondra sy mampirona ny fiovana (olobe, mpitondra, ray aman-dreny ara-piaraha-monina, ara-panjakana).

• Tsy asa manakana izy fa fomba fiasa hanovana ny rafi-pifandraisana tsy mahomby ka entina amin'ny alalan'ny sehatr'asa efa mandeha (ohatra : RANO WASH miasa amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana)

• Ny fitaovana ampisaina dia mety miova, ary arindra mifandraika amin ny tanjona

• Mila fantatra tsara mialoha ny zava-misy ara-pifandraisana misy eo amin'ny toerana

• Tandremana tsy handratra ny hafa ny fitondrana azy

• Ny mpandray anjara dia olona milatsaka an-tsitrapo ary vonona hifampizara ankitsim-po.



Ny programan'asa rehetra dia tokony hijery akaiky mandrakariva ny herisetra atao amin'ny maha-lahy na maha-vavy rehefa handinika mikasika ny fenitra ara-piaraha-monina, sy ny resaka fifandraisana sy fahefana.

# Seho fianatra :
# Miandry ny laharana

**Miandry ny laharako aho satria izay no ataon'ny hafa**







**… satria izay no andrasan'ny olona ataoko, raha tsy izany dia voasazin'ny fiaraha-monina aho**

# Fiheverana, Fihetsika, Fenitra ara-piaraha-monina

Fomba fiainana manokan'ny fiaraha-monina iray, na vondron'olona iray :

- Hifampianarana anatin'ny fiaraha-monina avy amin'ny finoan'ny tsirairay mikasika ny fihetsika ataon'ny hafa sy ny mety fihetsika andrasan'ny hafa aminy.
- Ny fampironan'ny fiaraha-monina no mamolavola ny fenitra ara-piaraha-monina.
- Ny olona izay tsy manaraka ny fenitra ara-piaraha-monina dia mety voasazin'ny fiaraha-monina amin'ny endrika samihafa.

| **Fiheverana** | **Fihetsika** | **Fenitra ara-piaraha-monina** |
|---|---|---|
| **Zaho mihevitra fa ny lehilahy sy vehivavy dia tokony hifampizara ny andraikitra ao an-tokantrano** | **Zaho tsy manao ny asa ao an-tokantrano raha vao hitan'ny namana eto an-tanàna** | **Ny lehilahy namako dia hananihany ahy raha mahita ahy manao ny asa ao an-tokantrano satria: « Ny lehilahy dia tsy tokony hanao ny asa ao an-tokantrano »** |

# Inona no hifandraisan'ny fiovam-pihetsika sy ny fenitra ara-piaraha-monina

| Fiovam-pihetsika sy ara-piaraha-monina | Fenitra ara-piaraha monina |
| --- | --- |
| Fiheverana, fahalalana sy fihetsiky ny olon-tokana | Fehim-pihetsika atao miaraka amin'ny rehetra |

## Sakana ara-tsosialy mifandraika amin'ny rano, fanadiovana, fidiovana

- Fitsinjarana asa manodidina ny rano, fanadiovana, fidiovana
- Toetra raikitampisaka, toe-tsaina
- Fahazarana, tsy te-hiala amin'ny fomba nentim-paharazana, fady, kolotsaina
- Fitantanana mivangogo sy voafetra amin'ny olom-bitsy
- Tsy fahalalana ny zo sy ireo filàn'ny olona samihafa eo anivon'ny fiaraha-monina.



# 5 Dingana arahina amin'ny fampiharana ny Fandalinana ara- piaraha-monina sy asa

## 5.1 - Dingana



1. Asa atao isaky ny dingana
2. Ireo fepetra mampahomby
3. Singa mandrafitra azy




**1.**

Mampitombo ny fahalalan'ny mpiara-miasa mba ho afaka mandini-tena, mandanjalanja ary manamora

**2.**

Miara-mandinika sy mifanakalo hevitra amin'ny mpiara-monina mikasika ny fenitra ara-tsosialy, soatoavina ary ny fanavakavahana

**3.**

Manombana ny ezaka vita amin'ny fiovàna eo amin'ny isam-batan'olona, ny vondron'olona, ny rafitra, ny politika sy lalàna ary ny fenitra ara-piaraha-monina

**4.**

Manatanteraka drafitra amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa sy fitrandrahana ny loharanon-karena misy eo an-toerana

**5.**

Mamolavola drafitra miaraka amin'ny mpiara-monina mba hiadiana amin'ny fanavakavahàna sy hanatsarana ny fenitra ara-piaraha-monina


# 5.2 - Fandalinana

Ny fandalinana dia mamerina mametra-panontaniana mikasika ireo fenitra ara-piaraha-monina raikitapisaka. Noho izany, dia mila fahaiza-miserasera sy fahaizana manamora ny fifanakalozan-kevitra ahafahan'ny fiaraha-monina miantomotra sy manao ezaka hiadiana amin'ny lohahevitra ara-piaraha-monina somary manahirana.

Noho izany, ireto avy no tokony atao :



# 5.3 - Fiaraha-midinika




## Fiaraha-midinika miaraka amin'ny fiaraha-monina

Dinidinika ara-piaraha-monina mitohy, handalinana ny antony fototra mahatonga ny fenitra ara-piaraha-monina sy ny fifandraisana misy eo amin'ny sokajy samihafa.

Ampiasaina fitaovana fampandraisana anjara ny fanatanterahana izany.

# 5.3 - Fanangana drafitrasa

## Drafitrasan'ny fiaraha-monina :

Isaky ny avy mifanakalo hevitra dia mamaritra drafitrasa :

- Asa 2 na 3 fara-fahabetsany no faritana mazava amin'ny antsipiriany
- Ireo no arahina ny fanatanterahina azy amin'ny fotoana manaraka.

| Fenitra ara-piaraha-monina tianareo ovaina | Asa atao | Tompon' andraikitra | Oviana | Fanohanana ilaina |
|---|---|---|---|---|
| | 1 | | | |
| | 2 | | | |
| | - | | | |

## Drafitrasa isam-paritra :

Ahoana ny fomba hitondran'ny vondrona ny fandalinana ara-piaraha-monina sy asa mifandraika amin'ny fahatratrarany ny tanjona ara-pahadiovan'ny tanàna, kaominina, Madagasikara madio.

| | Lohahevitra | Asa atao | Tompon' andraikitra | Oviana |
|---|---|---|---|---|
| 1) | Rano fisotro (fangalana sy fanadiovana rano) | | | |
| 2) | Fadim-bolana | | | |
| 3) | Fanasana tanana | | | |
| 4) | Ady amin'ny fangerena an-kalamanjana | | | |
| 5) | Fitantanana tolotra RFF | | | |
| 6) | Fitsinjarana andraikitry ny lahy sy ny vavy ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiaraha-monina | | | |